Filoha Ravalomanana

Tsy tan-dalàna ny mpitondra, tsy voahaja ny demokrasia

Toy izao ny lahateny noho ny fifampiarahabana tratry ny taona teny Faravohitra, nataon'ny filoha nasionalin'ny antoko TIM, sady filohan'ny RMDM, Marc Ravalomanana.

Ry Vahoaka Malagasy,

Ny voalohan-teny dia ny fisaorana an'Andriamanitra lehibe fa vita soamantsara ny taona 2019 ary nomeny tombon'andro lehibe indray isika ka afaka manitsaka ity taona vaovao 2020 ity. Ankinintsika aminy lalandava ny fiainantsika tsirairay, ary indrindra ny fitondrana ity firenentsika ity. Ho Azy irery hatrany anie ny dera sy ny voninahitra.

Faly, tena faly miara-mankalaza aminareo ity taona vaovao 2020 ity. Arahabaina isika rehetra tratry ny taona vaovao 2020. Enga anie ka hitondra soa sy fanambinana ho an'ny vahoaka Malagasy rehetra ity taona vaovao. Enga anie ka ho taona hitondra fanantenana ho an'ny firenena sy ny vahoaka rehetra ny taona vaovao.

Ny vanim-potoana toy izao dia natao hamangiana Ray aman-dreny, araky ny fomba sy ny soatoavina Malagasy, koa faly mandray anareo izahay. Tonga eto isika hifampiarahaba sy hifaniry soa, ka tena mariky ny fifankatiavana sy ny fifampitokisana misy eo amintsika izany.

Ny vanim-potoana toy izao dia natao koa hitodihana ny lasa, ary indrindra hibanjinana ny hoavy, ahafahana mifantoka bebe kokoa amin'ireo asa izay miandry amin'ity taona vaovao 2020 ity.

Raha ny taona 2019 iny tokoa no atao jery todika dia betsaka tokoa no azo lazaina, indrindra ny mikasika ny fiainam-pirenena. Singanina manokana amin'izany ireo fifidianana nifanesy ary koa ny fahatsapana fa mihasahirana ny vahoaka Malagasy. Ny tena nanamarika iny taona iny teo amin'ny lafiny ara-politika, dia ny tsy fisian'ny tany tan-dalàna sy ny tsy fanajana ny demokrasia eto amin'ny firenena.

Vokatr'izany dia nijoro ho mpanohitra isika ary niaraka nanangana ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara, na ny RMDM, mba handrindrana ny asa fanoherana eto Madagasikara. Ny mpanohitra dia natao ho arofanina sy hitsikera ny asa sy ny fanapahan-kevitry ny mpitondra, mba hiarovana ny tombontsoam-pirenena. Nanao izany isika ary nataontsika araky ny lalàna manan-kery izany.

Mazava ho an'ny vahoaka Malagasy fa tsy nisy ny fanajàna ny tany tan-dalàna teto fa nataon'ny mpitondra "slogan politika" fotsiny izany rehefa misy ny ilany azy. Voahitsakitsaka ny Lalàmpanorenena sy ny lalàna mifehy ny fifidianana, ka fifidianana feno hosoka tsy manaja lalàna no natao teto amin'ny firenena. Nandresy isika tamin'ny fifidianana nifandimby, fa noresena tamin'ny halatra sy tsy fanarahan-dalàna. Tomponandraikitra tamin'ny tsy fahatomombanan'ny fifidianana ny ambaratongam-pahefana rehetra, hatrany amin'ny fokontany ka hatrany amin'ny faratampony, ka anisan'izany ny voamiera voalaza fa mahaleo tena mpikirakira ny fifidianana, dia ny CENI izany, sy ny fitsarana izay nilaza hoe: "Azo raisina, fa tsy mitombina".

Izany rehetra izany dia mampametram-panontaniana hoe: efa paikady vita lamina alohan'ny fifidianana ve izany ny fampandaniana Kandida? Soa ihany fa misy ny olomarina namboraka ny tsiambaratelo tamin'ny fifidianana teo aloha. Aiza ny tombontsoam-bahoaka? Ary aiza ny hasin'ny safidiny?

Zava-misy tamin'ny fifidianana Ben'ny Tanàna farany teo, izay fifidianana manakaiky indrindra ny vahoaka, dia betsaka ireo kandidam-panjakana izay olona efa tsy tian'ny vahoaka intsony kanefa dia natao izay handaniana azy ireo amin' ny fomba rehetra, fa kandidampanjakana hono.

Tsy misy fampandrosoana hantenaina mihintsy amin'izy ireny, satria efa fantatry ny vahoaka fa olona mikatsaka ny tombontsoany manokana ireny, fa tsy izay mahasoa sy mampandroso ny communes misy azy. Santionany amin'ny zavamisy any amin'ny faritra maro izany, kanefa rehefa mitaky ny marina ny vahoaka dia ramatahora no miandry azy ireo.

Tsy izany ihany fa tsy misy eto ny fametrahana ny demokrasia tena izy, fa sarintsarina demokrasia no tiana hapetraka eto. Nataon'ny mpitondra ny ezaka rehetra amin'ny fanovàna ny lalàna mifehy ny fanoherana sy ny antoko mpanohitra, na ny "statut de l'opposition", mba hampanginana ny mpanohitra. Voahosihosy ny zo fototra amin' ny fahalalahana maneho hevitra sy fanaovana fihetsiketsehana. Nitranga izany tamin'ny sabotsy faran'ny taona teo. Vahoaka tonga am-pilaminana dia nandefasana miaramila mirongo fiadiana. Lasa atao herimpamoretana ny vahoaka ny polisy sy ny zandary ary ny tafika, ka ny vahoaka maneho am-pilaminana ny heviny no sakanana. Aiza izany demokrasia izany?

Tsy ny mpanao politika ihany fa natao ihany koa izay hanampenam-bava ny mpanao gazety tsy mitovy hevitra amin'ny mpitondra nefa sahy milaza ny marina sy ny zavamisy. Ny sazy sy ny fampihorohoroana azy ireo tsy lazaina intsony. Aoka ho fantatrareo mpitondra fa efa vanim-potoan'ny fandrosoan'ny teknolojia ny fifandraisana izao, ka tsy azonareo ferana amin'izay heviny ny vahoaka Malagasy, na ireo eto an-toerana izany, na ireo Malagasy any ivelany. Tsy voatery ho mpanohitra daholo ireny miteny ireny, fa olom-pirenena tsotra, saro-piaro amin'ny fiainam-pirenena.

Eo amin'ny lafiny ara-toekarena sy sosialy dia maro no nanantena fa hihazakazaka ny fandrosoana araky ny nampanantenain'ny mpitondra azy ireo, kanefa dia diso fanantenana tanteraka ny vahoaka Malagasy fa vao mainka aza tena miaina ao anatin'ny krizy tanteraka.

Sahirana ny vahoaka, ny vidim-piainana misondrotra isan'andro vaky izao, efa tsy zakan'ny vahoaka intsony, ny famatsiana rano fisotro madio ary ny fanafoanana ny delestage tsy vitan'ny fanjakana hatreto. Ny tsy fisian'ny fandriampahalemana moa dia efa mampiteny ny moana eto amintsika.

Ohatra iray ny zava-misy any Mangamila momba ity tsy fisian'ny fandriampahalemana ity. Lasan'ny mpangalatra daholo ny ombin'ny olona, kanefa raha manao fitarainana any amin'ny zandary dia tsy misy mihintsy ny fandraisana andraikitra.

Anisan' ny tena olana any ambanivohitra dia ireo tanora izay tsy mahita asa, ka lasa misy manambitamby amin'ny vola be ka ireny tanorantsika ireny ihany no lasa dahalo. Ny tiana ho tenenina dia lasa miraviravy tànana ny vahoaka nohon'ny tsy fisian'ny fandriampahalemana, ka tsy hisy fampandrosoana hantenaina amin'izany. Tsy azo adino amin'izany ihany koa ny làlana tokony hivezivezen'ny olona sy hamoahan'ny tantsaha ny vokatra. Potika sady tsy misy fanamboarana intsony ireny làlana ireny nandritry ny taona maro.

Ny zavatra tsapa aloha dia hodianareo fanina, na tsy fantatra ny tena laharam-pahamehana ho an'ny vahoaka, fa ianareo toa variana amin'ny zavatra hafa.

Masina ny Tanindrazana hoy isika Malagasy, kanefa dia sahinareo ny hisisika amin'ny tanimbarin'olona marobe, izay tsy manaiky ny tetikasa hahatototra ny famboleny, izay hany foto-pivelomany.

Mbola misy eto Madagasikara ve izany lazainareo fa « classe moyenne » afaka ny hanofa ireny building izay lazainareo fa ahorina ireny? Ny fantatray aloha dia natao izay hampahantrana ny vahoaka, ka kilasy roa ihany sisa no misy eto Madagasikara, dia ny kilasin'ny mahantra, misy ny ankamaroan'ny Malagasy, sy ny kilasin'ireo vitsy an'isa mpanankarena miaraka amin'ny vahiny.

Mazava ho azy izany fa tsy ho an'ny Malagasy maro an'isa ireny fa ho an'ireo vitsy an'isa sy ny vahiny manan-katao.

Raha isika irery no sahy nijoro tamin'ny voalohany, ankehitriny mitombo ireo vondronolona samihafa, manomboka sahy miteny ny zavatra tsy mandeha eto amin'ny firenena: toy ny mpianatra, mpampianatra mpikaroka, ary ireo sendika samihafa. Ary amin'ny maha Ray aman-dreny azy ireo dia nijoro ihany koa ny Fiangonana, singanina manokana amin'izany ny Filohampiangonanana maromaro naneho ny heviny. Mazava be ny teny nataon'ny Kardinaly manao hoe "olombitsy no mifehy sy manao ampihimamba ny harena eto Madagasika, ka mila mifoha amin'ny toromasony ny vahoaka Malagasy". **Tsapantsika amin'izany fa misy mihaino isika, na dia minia manampintsofina aza ny sasany.**

Ry Vahoaka Malagasy,

Na izany aza ny zava-misy eto amin'ny firenena, "NEVER GIVE UP". Tsy hilavo lefona, ary tsy ho kivy isika fa tsy maintsy mijoro. Mbola misy ny fanantenana amin'izao taona vaovao 2020 izao. Noho izany dia tsy maintsy tohizana ny ady amin'ny tsy rariny sy ny tsy fahamarinana **satria dia mandeha any amin'ny làlana tsy tokony hizorany ny firenena.** Isika mpanohitra no arofanina, ka adidy sy andraikitra tsy maintsy ho tanterahina izany. Koa sahia miteny rehefa mahita zavatra, ary mijoroa miaro ny fahamarinana sy ny tombontsoan'ny vahoaka Malagasy.

Mba hahafahana mampivondrona ny hery sy ho fandrindrana ny asan'ny mpanohitra dia hanao kongresy lehibe voalohany ny RMDM amin' ity taona ity. Mbola ho lazaina amin' ny manaraka ny fotoana hanatanterahina izany fa dia mila mifanentana mialoha isika. Manao antso avo aminareo antoko politika hafa na vondron' olona mahatsapa fa mandeha any amin' ny làlana tsy tokony hizorany ny firenena, mba hampivondrona ny hery miaraka aminay.

Manao antso avo amin'ny fiangonana tsy ankavanaka ihany koa aho mba handray andraikitra amin'ny maharay aman-dreny afaka mampianatra sy manitsy ny vahoaka rehetra anareo, satria tanindrazana iombonana ity. Farany dia miantso ny vahoaka tsy ankanavaka aho mba hanohana izao ezaka atao izao satria tsy misy fandrosoana mandeha eto Madagasikara raha tsy ireto zavatra efatra ireto no tanteraka:

Voalohany: **ny fandriampahalemana ara-tsosialy** na ny « paix sociale »: raha mbola misy ny fitongilanana eo amin'ny fampiharana ny lalàna, ny fanampenam-bava, ary ny fitiavan-tena, dia tsy hisy ny fitoniana ara-politika na ny « stabilité politique ». Manan-danja lehibe ihany koa ny fametrahana ny fandriampahalemana an-tanàn-dehibe sy ambanivohitra, ny fametrahana ny "sécurité alimentaire", hiadiana amin'ny tsy fahampian-tsakafo, ary ny "sécurité" ho an'ny mpandraharaha.

Faharoa: ilaina **ny firaisam-pirenena amin'ny fanatanterahina ny fampihavanam-pirenena tena izy,** iarahan'ny antoko politika, vondron'olona samihafa, ary ny vahoaka Malagasy rehetra. Samy manana ny maha izy azy ny Faritra 22 sy ireo vahoaka Malagasy ao aminy, fa ny firaisankinan' ny rehetra ao anatin'ny fanajàna ny fahasamihafana sy ny fampitoviana ny Faritra rehetra no hampandroso ny Firenena.

Fahatelo: tsy maintsy **hapetraka ny demokrasia tena izy**, izany hoe ny fanekena sy fanajàna fa misy ny mpitondra, ary misy ihany koa ny mpanohitra. Ny firenena tsy manaiky ny fisian'ny antoko mpanohitra sy tsy manaiky ny fahalalahana miteny sy maneho hevitra, dia firenena anjakan'ny didy jadona, izay tsy hitondra soa ho an'ny vahoaka.

Fahaefatra dia **ny fanajàna ny tany tan-dalàna**. Ny lalàna dia natao ho an'ny rehetra, ary tsy maintsy atao mitovy ny fampiharana azy. Aoka ianareo mpitsara mba hitsara araky ny lalàna sy ny fahamarinana, fa tsy ho atao fitaovana politika fotsiny.

Ianareo mpitandro ny filaminana, aoka ianareo tsy ho atao herim-pamoretana, ka hanindry ny Vahoaka Malagasy mitovy aminareo. Ianareo no tandroka aron'ny vozona, atao hiaro ny Vahoaka sy ny fananany. Ianareo no atao hiaro ny fiandrianam-pirenena sy ny tombontsoan'ny Vahoaka, fa tsy ny tombontsoan'ny mpitondra sy ny antokony fotsiny ihany.

Eto am-pamaranana, dia manantena aho fa mbola ho sahy hijoro isika rehetra, ka mbola hiaro ny tombontsoam-pirenena sy ny Vahoaka Malagasy. Koa eto dia mamerina ny fiarahabana sy firarian-tsoa ho antsika Malagasy rehetra aho amin'izao taona vaovao izao.

Hombantsika hatrany Andriamanitra!

Nangonin'Isambilo

Ny Valosoa sy fakafaka

Fanambadian'ny mitovy fananahana

Fiverenana any amin'ny maha biby

Tena nanaitra ny maro ny nandrenesana ny fanehoan-kevitra nataon`ny mpitondra ambony iray, sady manana andraikitra ao anaty fiangonana kristiana , manao hoe : tsy mbola zakan`ny Malagasy hatreto ny hankatoavana ny lalàna ny amin`ny hahafahan`ny olona mitovy fananahana mba hivady. Raha izany fitenenana izany no zohina dia toa midika fa mety ho eken`ny Malagasy ihany io lalàna io , any aoriana any , asa

rehefa mivoatra angamba ny fari-piainany , rehefa mitombo ny nahita fianarana eto Madagasikara, rehefa tsy mangeja azy intsony ny fahantrana, rehefa maka tahaka ireo hadalana rehetra hataon`ny firenena mandroso izy, ka hizotra hiverina any amin`ny maha-biby! Amin`izany dia ho zakany , na koa ho azony leferina ny lehilahy manambady lehilahy sy ny vehivavy manambady vehivavy . Toa iniana ahodina mihitsy ny resaka sy fomba fijery raha izany satria tsy tokony ho resaka fahazakana na tsy fahazakana ilay lalàna no apetraka, fa ny hoe azo ekena ve izany lalàna izany sa tsia , eto Madagasikara ? ENY, EKENA, na hoe TSIA, TSY EKENA . Iray amin`ireo ihany no tokony ho valiny fa tsy hoe : efa zakan`ny Malagasy, na mbola tsy zakan`ny Malagasy . Araka ny fanambarana nataon`ny filohan`ny FJKM dia lavin`ny tenin` Andriamanitra tanteraka ny fivadian`ny lahy samy lahy na ny vavy samy vavy, na ny atao hoe sôdômita hoy izy. Manodinkodin-dresaka anefa ny mpitondra ankehitriny ny amin`ny fikasana hampiditra ankolaka

io lalàna io eto Madagasikara : efa zakany ve sa tsy mbola zakany,hoy izy. Asa na voatamby vola tany amin`ny firenena vaventy mitonona ho mpandala ny zo sy fahafahana tany ry zareo ka minia mikimpy tsy te hahalala fa marobe ny manohitra izany , indrindra ny kristiana izay mielim-patrana eran`ny nosy. Nony mihetsika ny kristiana manohitra izany amin`ny maha-mpiambina sy mpitily azy dia miala olana sy "mody gisa" indray ry zalahy mpitondra satria tra-tehaka ny tetikady sy ny fomba maloto tadiaviny hampidirina hoeken`ny Malagasy. Samy miandry ny dikany amin`ny teny Malagasy ny amin`ilay volavolan-dalàna mahabe resaka teny amin`ny Antenimieram-pirenena , ny olon-tsotra sy ny mpahay lalàna maro eto amin`ny Nosy . Tsy fanambaniana ny solombavambahoaka ankehitriny akory, fa ny fanontaniana ngezabe dia hoe : tena nahita fianarana daholo ve ary tena mahazo ny heviny amin`ny teny frantsay daholo ve ry zareo, ka tsy ilaina hadika amin`ny teny Malagasy , sa efa ny teny Malagasy sy ny maha-malagasy mihitsy no efa tena ataon`izao fitondrana izao ho tsinontsinona?

Ny Valosoa